HAFATRA HO AN'NY VAHOAKA MALAGASY
NATAON'ANDRIAMATOA Didier RATSIRAKA,
FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
MIALOHA NY FIFIDIANANA NY HO FILOHAN'NY REPOBLIKA
AMIN'NY 16 DESAMBRA 2001
(Antananarivo, faha 14 Desambra 2001)

Ry vahoaka Malagasy Mpiray Tanindrazana Malala,

Tonga eto amin'ny sakelidalana an-kodimirana isika izao, satria hifidy ny Filohan'ny Repoblika Malagasy izay hitantana ny Firenentsika mandritry ny dimy taona manaraka.

Eny, tsy vitan'izany ihany, fa ny hoavin'ny ny Faritany mizakatena sy ny hoavin'ny taranaka hifandimby mihitsy no ho tapahintsika amin'ny 16 desambra ho avy izao.

Safidy goavana, safidy makadiry, safidy bevata, safidy matomboka mihitsy, nefa safidy malalaka.

Miandry antsika àry ny zanantsika, ny zafiafintsika. Mitazana antsika izao tontolo izao, ary hitsara antsika ny tantara.

Ka raisiko ho adidy masina tokoa ny manaitra sy manafatrafatra ny Malagasy tsy vaky volo, fa aleo hono misoroka toy izay manasitrana ; Sao mitsako tsy re, ka efa kenda vao hoe : dony aho Ranaotra ! na manao toy ny Rafotsibe kendam-bomanga ka tsy matin'ny nataoko fa matin'ny nasesiky ny tànany ihany !

Tsotra àry ny safidy ry Malagasy Havana :

Raha tianao ny hitohizan'ny ezaka natao, nataontsika, nataonay, izay efa nahitam-bokatsoa tsy takona afenina ary tsy azo iadian-kevitra :

- Eo amin'ny fanamafisana ny firaisam-pirenena (Unité Nationale) ;

- Eo amin'ny fampandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny fanjakana (Sécurité, Stabilité) ;

- Eo amin'ny lafiny fiandrianam-pirenena (souveraineté Nationale, souveraineté Internationale) ;

- Eo amin'ny fampandrosoana mirindra, mifandanja sy tsy mialonjafy ny toekarem-pirenena, ao anatin'ny fiaraha-monina tsy misy raorao, anjakàn'ny rariny sy ny hitsiny, amin'ny alalan'ny Faritany mizaka tena, « Développement intégré, harmonieux et équilibré de tout homme et de tout l'homme, dans les six provinces autonomes de cette République Humaniste et Ecologique, juste, équitable et paisible, car le développement est le nouveau nom de la Paix comme l'a rappelé Le PAPE PAUL VI » ;

- Eo amin'ny fifanomezan-tànana sy firahalahiana (Solidarité et Fraternité) ao anatin'ny Demokrasia sy ny fanajàn'ny zon'ny tsirairay (dans la démocratie et le respect d'autrui) ;

- Eo amin'ny fanajàna sy fanajariana ny tontolo iainana (dans le respect et la protection de l'environnement) ;

- Ary farany fa tsy latsa-danja, ao anatin'ny fitohizana misy fampivoarana (Changement dans le progrès et la continuité, la stabilité, IDEES 21).

Raha izany no tianao, raha ny itohizan'izany no tianao, raha ny hanohizanay an'izany no tianao, dia tompon'andraikitra sy tompon'antoka ianao, ka fidio tsy misy hambahamba i Didier RATSIRAKA.

Fa raha sanatria, sanatria, sanatria, averiko intelo ny sanatria, ka tianao ny hiverin-dàlana, na hanao tsontsori-mamba hisarahana amin'ny Faritany mizakatena sy ny rafitra ara-toekarena efa miharin-doha ankehitriny, dia ianao no tompon'antoka, tompon'andraikitra amin'izany , hanao viki-mikipy ary hisafidy ny zavatra mbola tsy fantatra na ampitso na rahafakampitso. Mbola hisy fotoana hanazavako an'io fonja-kevitra io.

Raha fanovàna fe fanovàna fotsiny no tadiavinao, dia mety hiteraka zava-tsarotra, mety ho zava-doza mihitsy, ho an'ity Firenena Malalantsika ity, ka tonga amin'ny tenin'i « VALERY » manao hoe : « L'absurde superstition du nouveau » ka mety hamarina ny Firenentsika any an-kady mihitsy.

Tsy fanarahan-damaody akory ny fitondram-panjakana ka anaovana andranandrana, na hanaovana ankamerim-botsitra toy ny ankizy milalao kanety.

Zava-tsarobidy, andraikitra sarobidy, andraikitra masina izany fitondrana Fanjakana sy Firenena izany.

Fa fitiava ty, hoy ny Antandroy, hateha valin-kateha, fitiava ty tsy azo hatao forse avao.

Fa raha ny amiko manokana dia mazava ny raharaha, mazava ny resaka, mazava ny programa ary miainga amin'ny zava-misy, miainga amin'ny zava-misy tokoa, miainga avy amin'ny vetsovetson'ny vahoaka, ny fanirian'ny vahoaka isam-paritra.

Izany programa izany dia efa natao boky kely mihitsy na dia mbola tokony ampiana aza.

Ary mazava ho azy fa ny tetik'asa rehetra novolavolain'ny Fanjakana samirery na novolavolainy miaraka amin'ny mpamatsy vola vahiny : SEECALINE, CRESED, ny ady amin'ny fahantrana, DSRP, PSDR (Développement Rural), PDC (Développement Communal), Electrification rurale, fanaovana làlana, fitandroana ny fahasalamana, fanaovana ny fambolena, sns…), izany rehetra izany dia ao anatin'ny programanay avokoa.

Ireto ny fitanisàna fohifohy izany programa izany ary efa fantatrareo rahateo koa :

1- Fanohizana sy fanatsaràna ny « 35.000 logements » ;

2- Fanatsaràna ny hopitaly sy ny tobi-pahasalamana (Dispensaire) isaky ny Firaisana na « Commune » ;

3- Fametrahana IRM na « Imagerie de Résonance nucléaire Magnétique » eto Antananarivo, fametrahana « Scanner » isaky ny renivohi-paritany ;

4- Fametrahana « bibliothèque » misy fanazarana na « initiation à l'informatique » na « Ordinateur »;

5- Fanomezana vatsi-pianarana na « Bourse extérieure » ho an'ny mpianatra, na vao nahavita baccalauréat izany na « post-Universitaire »;

6- Fanomezana « Lampe Tempête » na « PETROMAX » misy radio, misy famonoana moka ho an'ny vahoaka Malagasy maherin'ny iray tapitrisa ;

7- Fanofanana « Sage-femme » sy « Infirmière » 1.500 isan-taona mandritra ny dimy taona ;

8- Fametrahana kaoperativa na « magasin » na « épicerie » mitam-pihavanana isaky ny Fivondronana, eny isaky ny Firaisana na « Commune » mihitsy aza raha ilaina izany : Z.I.V.A (Zavatra Ilain'ny Vahoaka Andavan'andro), mba tsy hisy intsony Malagasy matin'ny mosary na kere, hoy ny tenintsika avy any atsimo, satria hitany avokoa isaky ny Fivondronana, Firaisana, « Commune », ny zavatra ilain'ny vahoaka andavan'andro ;

9- « Fonds de solidarité » na tahiry entina hamoronana asa ho an'ny tanora : « 500 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'Antsiranana, « 500 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'i Mahajanga, « 500 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'i Toliara, « 600 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'i Fianarantsoa, « 600 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'i Toamasina ary « 800 Millions de francs Malgaches » atokana ho an'ny Faritanin'Antananarivo ; Raha atambatra izany rehetra izany dia eo amin'ny 3.500.000.000 Fmg eo ho eo) ;

10- Tohizana ny « Politique de croissance » satria efa miharin-doha ny toe-karentsika izao : 6,5 isan-jato ka hatramin'ny 6,7 isan-jato, ary isika no Firenena Afrikana hany tokana nahatratra izany 6,5 isan-jato izany, isika no Firenena ao anatin'ny dimy manerana an'izao tontolo izao mahatratra izany 6,5 isan-jato izany amin'ity taona ity.

Ka amin'ny taona 2004 dia mety hihoatra ny 8 isan-jato ny « taux de croissance » na fisondrotan'ny harin-karem-pirenena eto amintsika eto Madagasikara ;

11- Eto amin'ny fiompiana : Fiarovana ny omby sy ny mpiompy eo amin'ny asan-dahalo ary heverinay fa tsy misy afa-tsy io ihany, miampy ny fampiasana ny Zandary, ny Polisy sy ny Miaramila ary ny Fokonolona, no ahafahantsika mamongotra hatramin'ny fakany ny halatr'omby.

Fiarovana ny ombintsika amin'ny Dahalo, fiarovana ny ombintsika amin'ny aretina na « anthrax » na « charbon » izany, « Vaccin » amin'ny « douve du foie » na dinta na amin'ny kankana (ver), fampiasana « Biazole », dia asiana kavina -karazana « carte d'identité » -isaky ny omby rehetra eto Madagasikara.

Kanefa malalaka ny fanaovana an'izany fa tsy ho terena ny Malagasy. Nefa heverinay fa raha vita izany dia tsy hisy intsony ny halatr'omby, hatavy ny ombintsika ary afaka hanondrana omby any ivelany isika fa tsy misy sakantsakana intsony avy amin'ny Varotra Iombonana Eorôpeana ;

12- Farany fa tsy latsa-danja, fiarovana ny Tontolo iainana. Mihevitra izahay fa mahatsiravina ny doro-tanety, mahasempotra ny doro-tanety, mampidi-doza ny taranaka mifandimby, ny mponina Malagasy ny doro-tanety. Ka hoy izahay hoe : Tsara angaha raha mividy, farafaharatsiny, fiaramanidina roa entina mamono afo na doro-tanety (incendie de forêt) isika amin'ny manaraka.

Ry vahoaka Malagasy mpiray Tanindrazana amiko,

Anao àry ny safidy Masina amin'ny 16 Desambra, fa raha ny momba an-dRATSIRAKA manokana dia efa nanokana, manokana ary mbola hanokana ny tenany manontolo, ny heriny manontolo, ny sainy manontolo, ny pitik'afo kely nomen'Andriamanitra azy Didier RATSIRAKA, mbola vonona ny hanompo an'i Madagasikara sy ny Malagasy.

Ho ela velona anie i Madagasikara miray hina,
Ho ela velona anie i Madagasikara milamina,
Ho ela velona anie i Madagasikara mandroso,
Ho ela velona anie ny Malagasy mifanome tànana,
Ho ela velona anie i Madagasikara tsy mandohalika, fa mitràka,
Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy.